SOEURS DU CHRIST
UNIONMYSTERIUM CHRISTI

**Filan-kevitra miitatra2019**
**Paris (France)**

# Miaina manaraka ny hetsiky ny "Vatana" manontolo isika



## AMPAHAN'NY TENY FANDRAISANA




Iriko ny fahatongavanareo eto mba handre ny fitempon'ny fon'ny Fikambanana iray manontolo hiara-mahatsapa aminareo ny fikoria-nan'ny aina noho ny tsirairay, na ''salama na marary''
Miara-mikaroka ny fomba handrosoana lavidavitra sy lalindalina ko-koa isika amin'ny iraka nankinina amintsika.

## NY FIAINAN'NY ISAM-PARITRA

Ny fizarana ny fiainan'ny faritra
sirairay miaraka amin'ny hafaliany,
ny fijaliany, ny fahavitrihany, ny
faniriany, ny tetikasany ... dia
nampahafantatra anay, hiaina sy ho
ia bebe kokoa ny Fikambanantsika.
Ity andrana ity dia manampy anay
ahatsapa fa ''VATANA'' IRAY ihany
ny Fikambanana , velona mihetsika
lalandava tahaka ny sambo iray eo
afovoan'ny ranomasina.





Feno fankasitrahana an'i **masera Jeanne Marie OUEDRAOGO**, mpanentana ny filankevitra miitatra izahay. Nahafinaritra anay ny fomba fanentanany, mihaino, milaza amin'ny fomba hafa ny hevitra ; ny fahakingany manondro ny fanontaniana hiverenana hodinihina. Ny traikefa ananany amin'ny maha-matihanina azy dia nanampy betsaka anay niroso tamin'ny fandinihana.



Ao anatin'ny fifandraisan-tendron'ny asa isaky ny giropy, ao anatin'ny harenan'izay nolazaina sy nozarain'ny tsirairay, dia miaiky izahay fa miasa ny Fanahin'ny Tompo.



NY SERASERA NY SITA WEB :



Fomba iray ahafahana mizara ny fanomezam-pahasoavana sy ny iraka amin'ny hafa



*Mijery ny tranokala ry masera*






**NY FIALAN-TSASATRA**, teo antenantenan'ny andro niasana, dia namela anay hahita zavatra mahavariana. Ampahany bitika maneho ny halehibiazan'ny Mpahary. Faly sy nigaga izahay.











Misaotra ny kôminôten'i Issy-les-Moulineaux sy Paris 27 nanasa anay tamin'ny sakafo alahady. Fifaliana lehibe hatrany ny mihaona ao anatin'ny fifampizarana amin'ny maha-mpirahavavy.